# MASINA MARIA VIRJINY NAMPIAKARINAANY AN-DANITRA

## *15 AOGOSITRA 2023*




***Nanao zava-dehibe tamiko ilay Mahefa;***

***nasandrany ireo manetry tena.***

Ry kristianina havana, faly isika mianakavy amin'ity andro faha-15 Aogositra ity satria andro fankalazana ny nampakarana an'i Masina Maria any an-danitra izany hoe olona iray rà, iray lio amintsika no tafita nampakarina any an-danitra ka faly mifampiarahaba isika satria manaporofo izany fa tsy nofinofy ho antsika izao finoantsika izao. Betsaka ny mitady hanome tsiny hoe : "manonofy ianareo" ary dia hitan'Andriamanitra fa mety misy hanana an'izay eritreritra izay mitady hanakivy antsika, inona ny nataony? Ilay Renin'Andriamanitra nampiakariny any an-danitra ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra. Tsy hoe noho ny fahamendrehan'i Maria fa noho ny fahasoavana vokatry ny fanavotan'i Jesoa dia tanteraka ao amin'i Masina Maria izay tsy maintsy ho tanteraka amintsika mianakavy.

VakitenyI :Apok. 11, 19a; 12, 1-6ab. 10ab Salamo : Sai. 44 VakitenyII : 1 Kor. 15, 20-26b Evanjely : Lk. 1, 39-56

Izay koa ny miandry antsika, izay no mahafaly antsika androany ka faly miaraka mankalaza ny nampakarina an'i Masina Maria any an-danitra isika. Tsy hirehareha anefa isika noho izany fa kosa haka tahaka nampianarin'i Masina Maria ny fiainany. Aoka ny fiainan'i Masina Maria no hibanjintsika bebe kokoa, fantantsika hatramin'ny voalohany fa nosantarin'i Masina Maria ny fiainantsika manontolo. Hitantsika izany raha nandray ny fahasoavana manokana izy nidinan'ny Fanahy Masina ary dia notorontoronina tao aminy ilay Kristy mpanavotra antsika. Tahaka izany koa isika rehefa mandray ny batemy, izay fahateraham-baovao ho antsika ka nandraisantsika ny Fanahin'Andriamanitra dia tonga zanak'Andriamanitra. Noho izany miaraka amin'i Kristy ny fiainantsika ary dia izay no entintsika mamakivaky ny fiainana tahaka an'i Masina Maria namakivaky ny fiainany hatreo am-pototry ny hazofijaliana ary tsy nahakivy

azy izany. Isika koa na dia eo aza ny sedra mafy mety andalovantsika, misyamintsika aza no martiry dia nampianatra antsika hijoro vavolombelona i Masina Maria.

Henontsika tamin'ny vakiteny voalohany fa ADY sady DIA ny fiainana *(Apok. 11),* ady natrehin'ilay vehivavy dia tsy iza fa i Masina Maria, ilay nitafy masoandro sy volana, teo amin'ny tongony niady tamin'ny dragona sy tamin'ny demony. ADY amin'ny ratsy sy fakampanahy ny fiainantsika ary DIA kosa ho any amin'ny fiainana mandrakizay. Izay koa no nataon'i Masina Maria, sady niady izy no niroso ny diany nefa tsy niady irery izy tamin'ny lalam-piainany fa teo ny famonjena sy ny famonjen'Andriamanitra nitantana azy. Ampianarin'i Md Paoly antsika tokoa fa izay misy an'i Kristy no misy antsika raha mivelona ny mahazanak'Andriamanitra isika. I Kristy no santatra vao izay an'i Kristy tahaka an'i Masina Maria. Tsy noho ny fahamendrehany anefa no nahazoany ny satro-boninahitra any andanitra fa noho ny fahasoavana izay nifidianan'Andriamanitra azy ho renin'ny mpamonjy ary izay no mahaRenin'Andriamanitra azy. Nahazo an'izany izy araka ny tononkira ao amin'ny Evanjely io *(Lk. 1, 39-56)* ambarany mazava tamin'i Elizabeta fa maro ny zavatra tsy tsapany : "Mankalaza ny Tompo ny fanahiko" hoy izy, izany hoe ny fiainany manontolo dia ho fankalazana an'Andriamanitra satria fantany fa namonjy azy Andriamanitra. Ary dia ampianariny amin'ny alalan'io tononkira io iny fandaharam-piainan'i Masina Maria izay fandaharam-piainantsika koa. Tsy hoe hirehareha isika amin'ny hoe Kristianina fa kosa hitondra fahazavana, fanasina eo amin'ny fiainantsika ary tsy ho irery isika amin'izany fa miaraka amin'i Kristy ka amim-panetren-tena tahaka nataon'i Masina Maria, feno fanetrentena no mankalaza sy midera an'Andriamanitra amin'ny fiainany manontolo. " Nahefa asa mahery tamin'ny sandriny Izy: dia nampihahafiny izay niavonavona tamin'ny fisainan'ny fony, naongany hiala tamin'ny fiketrahany ny mpifehy, fa ny ambany kosa nasandrany". Izany ny fiainan'i Masina Maria sy lalam-piainantsika ihany koa. Ady sady Dia ny fiainana, ady amin'ireo dragona maro be eo amin'ny fiainantsika izay mitady hanapotika antsika. Tsy miady irery isika tahaka nataon'i Masina Maria fa miroso mandray an-tànana ara-nofo, ara-tsaina ary tsy miasa irery fa omen'Andriamanitra ny fahasoavany. Ary izay misy an'i Kristy no misy antsika, santatra ihany i Kristy fa isika rehetra dia ao amin'ny voninahitr'Andriamanitra ihany koa.

Azontsika an-tsaina ry Kristianina hava-malala fa izay voalazantsika izay no antony mahatonga antsika miatrika izao Sinaody izao. Hanomana antsika amin'ny ady eatrehintsika amin'izao krizy izao izay azo lazaina fa tena “dragona” mahery mila hanapotika antsika. Hitantsika anefa fa resin'I Maria ny dragona. Matoky isika fa mivavaka ho antsika I Maria. Miara-dalana amintsika izy amin'izao Sinaody izao. Mivavaka ho antsika izy. Ny tena “dragona” matetika dia avy ao anatintsika ao. Mila mameno ireo sajoa enina miaraka amin'I Masina Maria isika fa indrindra efa akaiky ity ny fotoana hanatanterahana ny fankalazana ny fijanona faharoa dia ny Fianakaviana Eglizy kely miaro sy mikolokolo ny tontolo iainana.

Anio ihany koa dia androm-pahasoavana ho antsika eto anivon'ny diosezy satria anio no mandray ny fanamasinana ho pretra ireo diakra. Nandray ny antso tahaka an'I Maria izy ireo ka irahina hitondra an'I Jesoa eo anivon'ny Mpiara-belona, ho TABERNAKLA VELONA. Fahasoavan-dehibe izany satria manambara fiombonana amin'I Jesoa ka marina tokoa ny voalazan'I Paoly izay misy an'I Kristy no misy antsika ka na dia eo aza ny mety sedra sy fahasahiranana hatramin'ny fijaliana aza dia afaka miroso hatrany. Fampianarana lehibe ho an'ireo nohamasinana ny ady natrehan'I Maria ka nandresena ireo “dragona”. Aoka ho vonona ianareo fa tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana sy ny mahapretra fa tany lonaka iasahan'ny Fahasoavana ka hamokatra. Tsy fonksionera tokoa ny pretra fa mpanompo

mahafoy.

Ry Jesoa Kristy Tompo o, nampiakarina am-boninahitra any an-danitra i Maria Reninao sady Reninay,ampitondrainay aminy àry izao fiainanay izao, izao vavaka sy fankalazana iarahanay manao izao ka homeny Anao ilay zanany malalany. Izy koa anie hampianatra anay amin'ny fiainanay izay fantatrao fa tsy maintsy hiatrika ady maro samy hafa ary tsy maintsy manao dia izay tena lavitra tahaka an'iMasina Maria raha nandeha namangy an'i Elizabeta izy. Na dia eo aza ny fitsapana mety mitondra fahoriana sy fijaliana dia fantatray fa ny hafaliana no tanjon’ny hasambarana ao Aminao. Na dia eo aza ny tebiteby sy ny ahiahy tahaka ny nanànan'i Masina Maria ihany koa dia matoky izahay rehefa mibanjina sy mankalaza an'izao nampakarana azy any an-danitra izao fa ny tanjona ho anay dia ao amin'ny hasambaranao ka ampio àry izahay hanahaka an'i Masina Maria eo amin'ny fiainanay ho Tabernakla velona anie izahay ka hiara-sambatra Aminao sy miaraka aminy any an-danitra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson